


*Ity manaraka ity misy hetaheta avy amin'ireo Malagasy monina ivelan'i Madagasikara na koa hoe “diaspora malagasy”, mikasika ny fanendrena ireo Ambasadaoro sy ny mpiasan’ny Masoivoho ivelan’ny Madagasikara. Miantefa any amin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina izy ity.*

*“ Tompoko,*

*Maniry mafy ny zanak'ampielzana amin'ny hanendrena olona mahafehy ny teny sy ny fifandraisana amin'ny ao an-toerana iasan'izy ireo avy. Anisan'izany ny Trangan’i Alemaina. Satria maniry ihany koa ny tompon-tany mba ho olona mahay ny teniny no miresaka amin'izy ireo fa tsy ilany mpandika-teny lava. Miendrika ho kilema sy sakana ary mbola fandaniam-bola ny fisian’ny mpandika-teny.*

*Ankoatra izany dia mila olona fantatry ny Alemana satria efa voadona im-Bbetsaka nanomboka tamin'ny Fitondrana Tsiranana ka hatramin'ny fitontondrana Ravalomanana. Marihina fa mahafehy ny fitakian’ny Zanak’Ampielezana avokoa ny andiany voalohany voatendry tamin'ny roa herinandro lasa Ireny (Maurice, Belgique, France, UNESCO).*

*Deraina ny Filoha ny amin'izany fa tsy hanala-baraka azy ny fahaizan’izy ireo ny teny ao amin'ny toerana iasany tsirairay avy ireny. Henatra ho an'ny Zanak'Ampielzana sy ny Firenena mihitsy mantsy ny fibadabadana ny teny, sanatria ho toy ny zaza kely mianatra miteny.*

*Handresy lahatra ny tompon-tany amin'ny resaka fifanarahana no ho atao. Efa lesoka nisy teo aloha avokoa izany tsy fahaizana ny tenim-pirenena amin'ny toerana iasany ho an'ny ny*

*diplomasia sy ny fifandraisana izany, ka tsy mendrika ny Fanovana ny mbola hanohizana an'izany.*

*Mino izahay fa ny Malagasy mipetraka any Chine sy U.S.A. dia mety mitovy hevitra aminay. Hialan-tsiny amin'izay tsy mitovy hevitra aminay fa fanehoan-kevitra izao ataonay izao no sady hafatra ho an'ny mpanendry tompo-pahefana.*

*Misaotra mialoha ny Filloham-Pirenena ny Zanak'Ampielezana ho an'ny Fanovana!*

*MASINA NY TANINDRAZANA*